Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# NY FAKAM-PANAHY NATAON'I SATANA TAMIN'I ADAMA SY EVA

## TSARA HO FANTATRA MANODIDINA NY BOKIN'NY GENESISY

Amin'ny teny hebreo nanoratana ny boky, ny teny hebreo hoe «בראשית *Bereshit* » dia midika hoe « Fiandohana » (commencement, origine, naissance). Ny bokin'ny Genesisy no boky voalohany ao amin'ny Torah na ireo boky 5 nosoratan'i Mosesy na koa ilay antsoina hoe « Pantatioka » (Pentateuque). Ny ahafantaran'ny kristiana azy dia ireo boky 5 voalohany ao amin'ny Baiboly. Manomboka amin'ny fitantarana ny fanoronana izao hita maso izao ary miafara amin'ny fahafatesan'i Mosesy. Marihana fa ny Torah no mirakitra ny sata sy ny foto-pinoan'ny Jiosy. Araka izany, amin'ny ankapobeny, ny bokin'ny Genesisy dia mitantara fiandohana 4 : Ny fiandohan'ny lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao aminy, ny fiandohan'ny olombelona, ny fiandohan'ny ota, ny fiandohan'ny zanak'Israely. Mpandinika ny Baiboly maro no manaiky ary manamafy ny lovantsofina (tradition) jiosy fa i Mosesy no nanoratra ny bokin'ny Genesisy. Andinin-tsoratra masina vitsivitsy no manamafy izany (Azonao vakiana ny Eksodosy 17,14 ; 24,4 ; 34,27 ; Nomery 33,2 ; Deoteronomia 31,9. 24-26). Raha ny momba ny fotoana nanoratana ny Pantatioka indray kosa, ary ao anatin'izany ny bokin'ny Genesisy, dia heverina fa nosoratana teo anelanelan'ny fivoahana tao Egypta sy ny fidirana tao Kanana izany, izany hoe nandritra ny nivezivezena tany anefitra nandritra ny 40 taona eo ho eo (Teo anelanelan'ny taona 1440 sy ny taona 1400 talohan'i JK).

Misy fizarana 2 miavaka tsara ny bokin'ny Genesisy. Fizarana voalohany : Toko 1 ka hatramin'ny toko 11, 26, mampahafantatra ny fiandohan'ny olombelona amin'ny ankapobeny. Ny fizarana faharoa, izay manomboka eo amin'ny toko 11,27 ka hatramin'ny toko faha 50 farany, mitantara ireo Patriarka 4 voalohany : Abrahama, Isaka, Jakoba ary Josefa. Tsy handinika ny fizarana faharoa isika fa hijery kosa ny fizarana voalohany. (Toko 1 -11,26). Ny toko 1 sy ny fiandohan'ny toko 2 no itantaran'ny mpanoratra ny famoronana izao hita rehetra izao tao anatin'ny 6 andro. Tamin'ny andro faha 6 no namoronana ny olona (lahy sy vavy), ary nitsahatra Andriamanitra tamin'ny andro faha 7. Manomboka eo amin'ny toko 2,4b, ny mpanoratra dia mitantara amin'ny fomba fijery iray hafa ny famoronana ny zava-manan'aina, indrindra ny lehilahy, ary avy eo ny vehivavy. Eo amin'ny toko 2 no hahitana fa napetrak'Andriamanitra tao amin'ny saha Edena i Adama mba hiasa sy hitandrina ny saha (Gen. 2,15). Nanome alalana an'i Adama izy hihinana ny hazo rehe tra ao amin'ny saha (Gen. 2, 16) afa-tsy ilay hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy (Gen. 2,17) Avy eo dia namorona ny vehivavy Andriamanitra, izay nomeny anarana hoe : Eva. Eo amin'ny toko 3, dia naka fanahy ny vehivavy ny menarana, ka nihinana ilay hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Nomeny ihany koa i Adama vadiny ka nihinana. Noho ny tsy fankatoavan'izy ireo ny

didin'Andriamanitra, dia noroahiny niala tao amin'ny saha Edena i Adama sy Eva ka nampitoeriny tany atsinanan'ny saha Edena.

## ANGANO SA TENA IZY NY VOALAZAN'NY GENESISY 1-3 ?

Araka ny fikarohana dia 5780 taona taorian'ny famoronana isika amin'izao taona 2015 taorian'i Jesoa Kristy izao. Tena nisy teo amin'ny tantara ve izany Adama sy Eva izany sa angano fotsiny tahaka an-dry Trimobe sy ry Rapeto (Adam et Eve sont-ils historiques ?). Maro ireo mpikaroka no miezaka mandresy lahatra fa angano tahaka ny angano rehetra ny tantaran'i Adama sy Eva. Tsy nisy teo amin'ny tantara izany fa noforonina fotsiny. Tsy ho voatanisa eto ny « arguments » n'izy ireo entiny hanaporofoana izany. Vitsivitsy fotsiny amin'ireo no entiko aminareo. Raha tena nisy tokoa izany Saha Edena izany, hoy ry zareo, aiza eto amin'izao tontolo izao no misy azy ? Aiza izany Kerobima miambina ny saha Edena izany izao ? Ohatry ny ahoana izany hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy izany ? Ohatry ny ahoana ny voany ? Mitovitovy amin'ny voankazo inona izany ? Aiza koa no misy an'izany menarana miteny izany? Nisy aza nilaza fa nisy tongony hono io menarana io, saingy rehefa nozonin'Andriamanitra handady amin'ny tany izy dia niala ny tongony. Santionany ihany ireo fanontaniana ireo fa fanontaniana marobe no miodinkodina manodidina ity Genesiny toko 1 sy 2 ary 3 ity, ka ilazana fa tsy nisy ara-tantara izany Adama sy Eva izany fa angano fotsiny.

Ny tarazo kristiana sy ireo mpanitsy fivavahana, ry havana, dia manamafy fa tena nisy teo amin'ny tantara i Adama sy Eva fa tsy angano noforonina (La tradition chrétienne et les réformateurs ont affirmé l'historicité d'Adam et Eve). Izany anefa tsy ampy ilazana fa izay tokoa no izy. Maro ireo tohan-kevitra (arguments) entin'ireo teolojiana maro, indrindra fa ireo teolojiana ara-pilazantsara (théologiens évangéliques), manohana fa tena nisy tokoa teo amin'ny tantara i Adama sy Eva. Ny tohan-kevitra iray maharesy lahatra ny tenanay dia izao : Raha nosoratan'ireo mpanoratra ireo boky 66 mandrafitra ny Baiboly izay avy amin'ny tsindrimandrin'ny Fanahy Masina ny Baiboly fa tsy avy amin'ny fahalalan'ny sainy fotsiny, dia mazava ho azy fa tena nisy teo amin'ny tantara iAdama sy Eva fa tsy angano noforonina (Si la Bible est inspirée, donc, Adam et Eve sont historiques). Raha ny Fanahy Masina no nanosika sy nanampy an'i Mosesy hanoratra ny Boky Genesisy, dia tsy angano na arira ny tantaran'i Adama sy Eva. Hoy i Pasteur Bernard Guy : « Si la Bible est le discours d'une communauté quelconque, il est normal qu'elle soit faillible et plus ou moins fiable sur le plan historique. Mais si elle est' Parole inspirée de Dieu' comme le déclare l'apôtre Paul (2 Tim 3,16), pourquoi ne serait-elle pas crédible sur le plan historique de la même manière qu'elle est pertinente sur le plan spirituel ? » (Raha te handalina izany ianao dia vakio ny bokin'i Pasteur Berbard Guy, « La Bible : mythe ou réalité ? », Promesse n° 170, 2009). Raha angano ny tantaran'i Adama sy Eva, dia Andriamanitra mihitsy izany no mampitantara angano an'i Mosesy nanoratra ny Genesisy. Jules-Marcel Nicole koa dia nanazava fa nitanisa ny firazanan'i Jesoa, manomboka teo amin'ny Josefa rainy ka hatramin'i Adama ny mpanoratra ny Filazantsara araka an'i Lioka. Raha mino isika fa tsindrimandry avy amin'ny Fanahy Masina no nanoratan'i Lioka an'ireo, dia tokony hanaiky isika fa nisy teo amin'ny tantara i Noa, Davida, Levy ary Adama tanisain'i Lioka ho razamben'i Jesoa (Vakio Lioka 3,23-38)
Koa ety am-piandohana, raha hianatra ny fakam-panahy nahazo an'i Adama sy Eva isika, dia aoka hiorina avy amin'izany ny finoantsika fa tsy angano na arira no nampitain'ny Fanahy Masina tamin'i Mosesy fa tantara marina sy nitranga teto amin'izao tontolo izao ka azontsika hanorenana ny finoantsika.

## ILAY MENARANA MPAKA FANAHY

Misy fanamarihana vitsivitsy ireto. Ilay menarana naka fanahy dia efa teo, tsy nipoitra avy tamin'ny tsy nisy, izany hoe tao anatin'ireo zava-boahary noharian'Andriamanitra. Tsy manana fahefana manokana. Ny fanamarihana faharoa, dia niteny ilay menarana. Ny fanamarihana fahatelo, naka fanahy an'i Eva ilay menarana. Fanamarihana fahatelo, tsy nanontany an'ilay menarana ny Tompo hoe fa naninona no nofitahinao i Eva. I Adama sy Eva no nifampiresahan'Andriamanitra
Ry havana, Andriamanitra dia tsy namorona devoly fa namorona anjely izay lasa nivadika ho devoly na ambara koa hoe satana taty aoriana ny sasany, rehefa nikomy tamin'Andriamanitra. Tany am-boalohany ireo anjely nivadika ireo dia marina (juste), mahatoky (honnête), anisan'ireo zanak'Andriamanitra. Tany am-boalohany dia anjely tao an-danitra tao ny Devoly. Tahaka ny zava-boahary manan-tsaina rehetra, dia manana safidy ny anjely ny hanao ny tsara na hanao ny ratsy. Tsy satana ny anarany tany am-piandohana fa anjely, fa noho izy nanohitra sy nikomy tamin'Andriamanitra dia natao hoe satana ( qui signifie : adversaire, ennemi, accusateur) ; devoly, izay midika hoe « calomniateur », mpanendrikendrika. Tonga nameno ny fon'ilay anjely ny avonavona (orgueil), ny fireharehana, fialonana (jalousie), fitiavana hitovy amin'Andriamanitra. Nitarika anjely hafa koa izy hikomy amin'Andriamanitra. Noroahan'Andriamanitra niala tany an-danitra tany ireo anjely nikomy ireo. Hoy ny filazan'i Isaia azy ao amin'ny **Isaia14, 12-15** : ***« Endrey! latsaka avy tany an-danitra ianao, ry ilay fitarik'andro, zanaky ny maraina; Voakapa hianjera amin'ny tany ianao, ry ilay mpandripaka firenena. Ary ianao efa nanao anakampo hœ: Any an-danitra no hiakarako, ary ambonin'ny kintan'Andriamanitra no hanandratako ny seza fiandrianako; Dia hipetraka eo an-tendrombohitra; fivoriana any am-parany avaratra aho; Hiakatra ho any ambonin'ny havoan'ny rahona aho ka ho tahaka ny Avo Indrindra; Kanjo hampidinina hatrany amin'ny fiainan-tsi-hita ho any ampara-vodilavaka ianao. »*** Te hitovy amin'Andriamanitra ity Fitarik'andro ity ka nazera avy tany an-danitra tany. Ny teny hoe « kintana fitarik'andro », amin'ny teny frantsay « astre brillant » dia nadika avy amin'ny teny hebreo hoe « heylel, izay midika hoe « lucifer ». Tsy iza izany ity anjely te hitovy amin'Andriamanitra sy nikomy taminy ity fa i « Lucifer » (Ilay kintana fitarik'andro). Ny mpandinika maro dia milaza fa i Losifera no ambaran'ny boky **Ezekiela 28,12ss**. Manana ny fahatsaran-tarehiny izy, nanana koa ny fahendreny. Tsy nisy zava-boahary tsara tarehy sy nanam-pahendrena noho izy. Hoy ny **Eze. 28,15 :** ***« Tsy nanan-tsiny ianao tamin'ny nalehanao hatramin'ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka tao aminao. »*** Hatramin'ny andro namoronana azy dia ttsy nanan-tsiny izy. Saingy teraka tao aminy ny avonavona sy te hitovy na hihoatra an'Andriamanitra. Nikomy tamin'Andriamanitra izy ary nitarika ireo anjely hafa hiara-hikomy aminy.

Nazera niaraka tamin'ireo anjely niara-nikomy taminy i Losifera. Hoy ny filazan'ny bokin'ny Apokalypsy momba izany fanjerana an'i Satana sy ny miaramilany izany : ***« Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hœ devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy….Ary rehefa hitan'ilay dragona fa nazera tamin'ny tany izy, dia nanenjika ilay vehivavy niteraka ny zazalahy izy.» (Apokalypsy 12:9.13)*** Rehefa nazera tety an-tany i Satana sy ny forongony dia inona no nitranga ? Ny **and.3 sy 4**, dia milaza fa ny ampahatelon'ny anjely tao an-danitra no voatarik'i Losifera hikomy hiaraka aminy ka nazera teto an-tany niaraka taminy ***(« Ary ny rambony dia manala ny ampahatelon'ny kintana amin'ny lanitra ka manjera ireny ho amin'ny tany; ary ny dragona nijanona teo anatrehan'ilay vehivavy efa hiteraka mba handrapaka ny zanany, raha vao teraka; » (Apokalypsy 12)***). Ny ampahatelon'ny kintana voalaza eto dia milaza ny ampahatelon'ny anjely tao an-danitra teo ambany fahefan'i

Losifera. Ireo ilay antsoina hoe « anges déchus » (anjely lavo) fa ireo tsy nikomy tamin'Andriamanitra kosa no atao hoe « saints anges » (anjely masina). Ny Apostoly Petera koa, ry havana, dia efa nanatsidika ny momba izany anjely nikomy sy nazera avy any an-danitra izany. Hoy ny filazan'i Petera : ***« Fa raha tsy navelan'Andriamanitra ny anjely fony nanota, fa noroahiny ho any amin'ny helo ka natolony ho ao an-davaka maizina mba hotehirizina ho amin'ny fitsarana.» (2 Petera 2:4***). Ny anjely voalaza eto raha ny teny grika nojerena dia maro (pluriel) : ἀγγέλων (les anges). Ary rehefa nazera teto an-tany ny devoly sy ny forongony dia tezitra tsy misy toy izany. Ny ataony dia mamitaka sy maka fanahy izao tontolo izao, araka ny ***Apo. 12,9 : « Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hœ devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy. »*** Araka ny hitantsika eto amin'ny bokin'ny Genesisy, ny olombelona voalohany nofitahiny sy nalainy fanahy dia i Eva.

## AFAKA MISEHO AMIN'NY ENDRIKA MARO SAMIHAFA IZAY TIANY VE I SATANA (EX LUCIFER , ANCIEN CHERUBIN) ?

Tsy azo tsinotsinoavina ny herin'i Satana. Tadidio fa sahy nihaika (défier) an'Andriamanitra izy. Sahy nikomy tamin'Andriamanitra ary nahatarika anjely maro nanaraka azy. Araka izany tsy azo hamaivanina ny heriny. Mahery noho ny olombelona i Satana (Ainsi, Satan a maintenant littéralement des *myriades* d'anges déchus à sa solde. Satan a des démons.)
Satana dia afaka miova endrika araka izay tiany mba ahafahany mamitaka olona maro araka izay tratra. Fantatr'i Paoly Apostoly izany, ka nahatonga azy niteny hoe : ***« Ary tsy mahagaga izany, fa Satana aza mampiova ny endriny ho tahaka ny anjelin'ny mazava. » (2 Korintiana 11:14)*** Ny anjelin'ny mazava ambaran'i Paoly eto di ireo anjelin'Andriamanitra tsy mba nikomy taminy. Ilay fiovaovana endrika ivelany dia mety koa amin'ny alalan'ny teny (langage), fihetsika (comportements), asa (œuvres). Afaka mahavita fahagagana i Satana (Azonao hamarinina izany amin'ny famakiana ireto : Eks 7,8-12 ; Asa 8,9-10 ; Apo 16, 13-14), saingy voafetra ny azy raha mitaha amin'ny an'Andriamanitra. Ny tenako dia miombom-kevitra amin'i Joyce Gill fa naka ny endriky ny menarana na nitsofoka tao amin'ny menarana i Satana mba ahafahany mamitaka an'i Eva. Hoy ny fanazavany : ***« Satan choisit de se déguiser en serpent pour pouvoir venir dans le jardin sans être reconnu. Il n'avait pas le droit d'être dans le jardin et Adam l'aurait chassé si Satan était entré avec confiance sans déguisement…Satan avait un corps de serpent lorsqu'il parla avec Eve. »*** (Joyce Gill dia fanta-daza eran-tany amin'ny fitorian-teny, fanoratana boky, fampianarana ny Baiboly. Nahalafo boky 2 millions d'exemplaire tany Etats-Unis ; voadika amin'ny tenim-pirenena maro ny asa sorany. Io « citation » io dia nalaina tao amin'ny asa sorany mitondra ny lohateny hoe : « Le plan de tromperie de Satan »). Ny mpiandry any Madagascar, ry havana,, dia mahafantatra tsara ary tsy vaovao amin' izany fiovan'endrik'i Satana sy ny fidirany any anatin'ny olona na biby izany. Vehivavy demoniaka iray, vehivavy izao nefa feon-dehilahy beso be no feo avoakany. Satana izany. Olona naneno tahaka ny ankoholahy mandra-pahafatiny. Tovovavy iray (classe terminale) tratran'ny devoly, mianika rindrina sy mandady amin'ny plafond toy ireny kadradraka ireny. Trondro anaty rano miteny toy ny olona izao, sy ny sisa maro tsy voatanisa. Izany no karazana fiovan'endrika ataon'i Satana sy ny fidirany ao anatin'ny zavaboaharin'Andriamanitra. Ny olona efa nahita sy niaina izany dia tsy gaga ny amin'i Satana naka ny endriky ny menarana niteny, na niditra tao amin'ny menarana niteny. Vitan'i Satana izany. Ny olona mbola tsy niaina ary mbola tsy nahita dia mihevitra izany hoe anganom-baviantitra.

Fehiny, afaka miseho amin’ny endrika maro samihafa izay tiany i Satana mba ahafahany mamitak’ olona marobe araka izay tratra. Niseho tamin’ny endriky ny menarana izy eto amin’ny Genesisy, miteny mamitaka an’i Eva.

## NALAIN’I SATANA FANAHY I ADAMA SY EVA

Ny tanjon’i Satana raha maka fanahy dia ny hahatonga ny olombelona hanota amin’Andriamanitra. Ary ny ota dia tsy inona fa ny fanaovana zavatra mifanohitra amin’izay lazain’Andriamanitra na ny sitrapon’Andriamanitra hoy isika. Hoy izay voalaza ao amin’ny ***1 Jaona 3:4 : « Izay rehetra manota no mandika ny lalàna; fa ny ota no fandikana ny lalàna. »*** Raha hambara amin’ny fomba tsotra, ny fahotana dia ny fanoherana izay lazain’Andriamanitra (il cherche à détourner l’homme Dieu). Fantatr’i Satana tsara izany. Ny ao an-tsain’i Satana isan’andro isan’andro dia izao : inona no tetika hahatonga ny olombelona noforonin’Andriamanitra hanohitra izay teneniny na farafaharatsiny tsy hanatanteraka izay teneniny ? Ny fomba fanao mahazatran’i Satana dia mijery izay « point faible » an’ilay olona. Inona no mampahalemy an’i olona ity : vola, vehivavy, voninahitra. Io ilay ambara matetika hoe 3V, zavatra telo mora mahalavo ny olombelona. Ny an’ny Pasteur Jeannot moa tamin’ny heriny dia nataony hoe : 3P (Pain, Protection, Pouvoir). Rehefa hitan’ny satana ny fahalemenao na ny « point faible », dia iny no hidirany hakany fanahy anao. Ny olombelona rehetra dia mora ny hahitan’i Satana an’izay « point faible » izay amin’ny alalan’ny fanarahany maso ny fiainanao isan’andro. Tsarovy, ry havana, fa mandinika ny antsipirihan’ny fiainanao isan’andro i Satana mba hahitany ny « faiblesse » nao, ka ahafahany maka fanahy anao. Ny mampalahelo, dia ao am-piangonana ao koa dia misy olona ampiasain’ny devoly, mijery ny « point faible » ny Mpitandrina mba hahafahany mamandrika azy ary manala azy eo amin’ny toerany.
Fa eto amin’ny fakam-panahy ataon’i Satana amin’ny Adama sy Eva dia tsy mbola azon’i Satana nampiharina izay tetikady na « technique » izay. Ny antony dia satria olombelona vao avy noforonin’Andriamanitra ireto ka mbola tsy fantatra izay « point faible » ao aminy. Mila fotoana lava be na taona maromaro vao mety ho fantatra ny fahalemen’ny olona iray. Araka izany dia tsy niditra tamin’izay « technique » na tetikady izay i Satana. Ny tetikady nampiasainy kosa eto dia ny fampidirana fisalasalana na « doute » ao an-tsain’i Adama sy Eva. Hatao izay hampisalasala azy ireo ny amin’ny fahamarinan’izay lazain’Andriamanitra. Ary rehefa misalasala ny amin’izay lazain’Andriamanitra izy ireo dia ampidirin’i Satana tsikelikely amin’izay ny hevitra izay mifanohitra amin’ny Tenin’Andriamanitra hotanterahina, dia tafalatsaka amin’ny fahotana ihany ny farany izy ireo. Jereo anie ny fomba fanatanterahan’i Satana an’izany e. Didy tokana no nomen’Andriamanitra an’i Adama sy Eva hotanterahina tao amin’ny saha Edena, dia ilay voalaza eo amin’ny ***Gen 2,16-17 : « Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hœ: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao. »*** Mbola i Adama ihany no mbola voaforona raha nomena io didy io, saingy rehefa noforonin’Andriamanitra i Eva dia nampitain’i Adama tamin’i Eva izany didin’Andriamanitra izany. Porofon’izany, tamin’ny resaka nifanaovan’i Eva tamin’ny menarana, dia naverin’i Eva tamin’ny menarana io didin’Andriamanitra io. Hoy i Eva tamin’ny menarana : ***« Ny voan'ny hazo eo amin'ny saha dia azonay ihinanana ihany; fa ny voan'ny hazo eo afovoan'ny saha kosa no efa nataon'Andriamanitra hœ: Aza hihinanareo na tendrenareo izany, fandrao maty ianareo. » (Genesisy 3:2-3)*** Ary eo, ry havana, no anisan’ny anankiray ilazana fa fetsy ny devoly. Samy nahafantatra ny didy i Adama sy Eva. I Adama dia Andriamanitra mivantana no nilaza taminy ny didy. I Eva kosa dia tsy Andriamanitra mivantana no nilaza taminy ny

didy fa i Adama vadiny. Iray izay, ny faharoa, i Eva dia tian'i Adama, ary hitany isan'andro fa Andriamanitra kosa dia tsy hitany isan'andro. Hitan'i Satana arak'izany fa mora kokoa ny mamitaka an'i Eva noho ny mamitaka an'i Adama. Mora kokoa ny maka fanahy an'i Eva noho ny maka fanahy an'i Adama. Ary Eva, rehefa avy eo no hatao fitaovana handresy lahatra an'i Adama. Ary hitantsika eto amin'ny fitantarana fa rehefa nomen'i Eva tamin'ilay voankazo voarara i Adama dia tsy nanisy fanontaniana na dia kely akory aza hoe : Eva ! Efa noraran'Andriamanitra tsy avela hohanina anie io voankazo io e ! Inona ity ataonao ? Ianao ve adala, tsy marina anie izany lazain'ny menarana izany, sns. Fa mety ho tsotra tahaka izany ve ny famitahana nataon'i Satana raha i Adama no nalainy fanahy ? Fetsy, ary tena fetsy, ry havana ny devoly.
Ndeha hiverenantsika ny amin'ilay « technique » nampiasain'i Satana nentiny namitahana an'i Eva. Tsy inona izany fa ny fampidirana fisalasalana ny amin'ny fahamarinan'izay nolazain'Andriamanitra. Dingana telo no narahan'i Satana, nentina nampiditra fisalasalana ny amin'ny fahamarinan'ny Teny izay nambaran'Andriamanitra. Dingana voalohany : Fampidirana ao an-tsaina fa manao ny tsy rariny Andriamanitra. Dingana faharoa : Fandaingana. Dingana fahatelo : Fampanantenana zavatra mahafinaritra.
Dingana voalohany : ***« Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky! efa nataon'Andriamanitra hœ: Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin'ny saha? » (Genesisy 3:1)*** Ilay teny kely hoe « Hanky ! » dia tena manan-danja eto. « ap », hoy ny teny hebreo, nadikan'ny teny frantsay hoe « quoi ». Fa izay tena fonosin'io teny dia izao : Tena niteny izany tokoa ve Andriamanitra ? Raha niteny an'izany Izy dia tena mba tsy rariny kosa izany hoe « Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin'ny saha ». Nasisika tsimoramora ao an-dohan'i Eva fa ity Andriamanitra ity dia Andriamanitra manao ny tsy rariny, ratsy fanahy, manao kitoatoa, tsy misy lojikany ny zavatra teneniny. Nangina i Eva. Izay tsy miteny manaiky hoy ny fitenenana. Azo heverina, ry havana, fa tafiditra tsimoramora tao an-tsain'i Eva eto fa tena mba tsy rariny kosa ny ataon'Andriamanitra matoa izy tsy niteny.
Dingana faharoa : « ***Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin'ny saha? » (Genesisy 3:1).*** Izany dia lainga mivandravandra be izao. Izao no nolazain'Andriamanitra : ***« Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hœ: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao. » (Genesisy 2:16-17).*** Mazava be izany, ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy ihany no tsy azo ihinanana fa ny hazo rehetra dia azo ihinanana. Tena rain'ny lainga mihitsy ity Satana ity. Ary izay ilay nolazain'i Jesoa manao hoe : ***« Hianareo avy tamin'ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha, ary tsy nitœtra tamin'ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha mandainga izy, dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain'ny lainga. » (Jaona 8:44)***. Dia nanaiky an'izany lainga be nataon'i Satana izany i Eva ary nanaraka izany koa i Adama.
Dingana fahatelo : Mampanantena zavatra toa mahafinaritra amin'izay i Satana, ary ny ao ambadik'ilay zavatra toa mahafinaritra dia fanoherana ny sitrapon'Andriamanitra, izay tsy inona fa fahotana. Hoy ilay ratsy tamin'i Eva : ***« Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory ianareo; fa fantatr'Andriamanitra fa amin'izay andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo, hahalala ny ny tsara sy ny ratsy. » (Genesisy 3:4-5).*** Inty ilay hoe « fampanantenàna volana aman-kintana ». Tsy marina izay lazain'Andriamanitra hoe « ho faty ianareo raha mihinana an'io ». Diso izany ! Ny marina dia izao, hoy i Satana, hitovy amin'Andriamanitra ianareo raha mihinana an'io. Izany no antony handraràny anareo tsy hihinana an'io, sao lasa mitovy aminy ianareo. Fetsy ny devoly a ! Tafalatsaka tamin'ny fisalasalana tanteraka i Eva. Ny an'iza ny marina, izay nolazain'Andriamanitra ve sa izay nolazain'i Satana. Sady niasa saina teo i Eva

nieritreritra izay voalazan'i Satana no nijery tsara ilay voankazo voarara. Hihinana ve sa tsia. Azo sary an-tsaina ny adi-tsain'i Eva. Inona no niafarany ? ***« Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny; ka dia nihinana izy. » (Genesisy 3:6)*** Lavo tanteraka ireo olombelona voalohany. Tratran'ny velam-pandrik'i Satana tanteraka. Nanota : nandika ny didin'Andriamanitra. Tratran'i Satana ny tanjony nokendreny.

## MANOHY NY ASANY I SATANA SY NY MIARAMILANY ANKEHITRINY.

**Anisan'ny tanjon'i Satana hatrany am-piandohana ka mandraka ankenitriny, dia ny mamafy fisalasalana ny amin'ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra.** Fantatr'i Satana tsara fa ny Tenin'Andriamanitra no fototry ny finoana araka ny voalaza manao hoe : ***« Koa ny finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa avy amin'ny tenin'i Kristy. » (Romana 10:17)*** (Le fondement de la foi, c'est la parole écrite de Dieu, la Bible). Koa mba ho entina hanozongozonana sy hanapotehana ny finoana dia ataon'i Satana izay hisalasalan'ny olona ny amin'ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra. Hijery ohatra vitsivitsy mahakasika izany isika.
Amin'izao fotoana izao dia misy fikambanana iray antsoina hoe JESUS SEMINAR, « groupe de travail » no ilazan-dry zareo azy. Izy io dia fikambanana ivondronan'ireo manam-pahaizana amin'ny fanaovana hevin-teny (Exégèse) ao amin'ny Baiboly, indrindra fa ny Testamenta Vaovao miisa 200 any ho any, mpampianatra amin'ny Sciences de Religion. Ao anatin'ireo manam-pahaizana mpikaroka mivondrona ao amin'io fikambanana io, dia misy kristiana protestantan katolika, jiosy, misy « athé » na tsy mino ny fisian'Andriamanitra, Professeurs à l'université, Pasteurs. Misy aza ny évangélique toa an-dry Bruce Chilton avy any New York, sy ry Ramsey Michaels avy any Southwest Missouri State
Anisan'ny mpikambana fanta-daza ao anatin'io Jesus Seminar io Andriamatoa John Domnic Crossan, Professeur à l'Université de Paul et Marcus Borg de Oregon State sy Robert Funk, Professeur à l'Université de Montana, mpanorina ny fikambanana, izay niorina tamin'ny taona 1985 tany Etats-Unis. Matanjaka be izany fikambanana izany any USA. 200 no isan'ireo manam-pahaizana tao teo am-piandohana, ary eo amin'ny 74 eo ho eo izy ireo sisa amin'izao fotoana izao. Fikaroana goavana izay nimasoan'izy ireo nanomboka hatramin'ny niforonany ny amin'ny JESOA ARA-TANTARA (Recherche sur Jésus historique). Ny fikarohana nataon'izy ireo dia mahakasika ny Filazantsara 5. Amin'izy ireo dia tsy 4 ny Filazantsara fa 5 : Matio, Marka, Lioka, Jaona ary ny Filazantsaran'i Tomasy. Ao amin'ny Filazantsara, hoy izy ireo, dia misy ireo teny izay tena notenenin'i Jesoa ; misy kosa ireo teny izay napetraka teo am-bavany, izany hoe tsy noteneniny akory kanefa nolazain'ireo mpanoratra ny Filazantsara fa noteneniny. Ireo mpanoratra ny Filazatsara izany no namorona ilay teny nolazaina fa notenenin'i Jesoa nefa tsy noteneniny akory. Nampiasa « méthode scientifique et philosofique » ry zareo tamin'izany. Tsy inona izany « méthode » izany fa ilay antsoina hoe « doute de Descartes ». Mba ahafahana mamoaka ny tena marina amin'ny hevitra iray dia tsy maintsy hametrahana fisalasalana izany hevitra izany. (Le doute de Descartes est un doute méthodologique, c'est-à-dire, un moyen de dégager des vérités certaines). Izao no teny fanevan'ny manam-pahaizana (devise des savants) : « Il faut douter mais ne point être sceptique » (Tsy maintsy apetraka ny fisalasalana nefa kosa tsy tokony ho ratsy foana ny ao an-tsaina). Izany methode izany no nampiasain-dry Professeur John Domnic Crossan sy ry Robert Funk tamin'ny fandinihana ireo teny notenenin'i Jesoa marina tao amin'ireo nolazainy hoe Filazantsara 5. Nandritra ny 6 taona no nanaovan-dry zareo ny fikarohana. Tamin'ny fikarohana nataon'izy ireo dia nampiasa loko 4 ry zareo : mena (rouge),

mavokely (rose), volondavenona (gris) ary mainty (noir). Tsipihana mena ilay teny notenenin'i Jesoa raha heverina fa niteny izany teny izany tokoa i Jesoa. Tsipihina mavokely kosa ilay teny notenenin'i Jesoa raha toa ka heverina fa mety niteny izany ihany Izy. Tsipihina volondavenona (gris) ilay teny raha heverina fa amin'izao endriny izao dia tsy niteny izany izy, izany hoe novain'ny mpanoratra ny teny notenenin'i Jesoa. Tsipihana mainty kosa ilay teny raha heverina fa tsy niteny izany teny izany mihitsy i Jesoa fa noforonin'ny mpanotra ny Filazantsara fotsiny izany. Isaky ny manipika teny iray ireto manam-pahaizana mandinika ny Soratra Masina ireto dia manisy fanazavana lavabe ny antony nanipihany mena na mavokely na volondavenona na mainty ilay tenin'i Jesoa. Tsy idirantsika eto ireo fanazavana teknika marobe nataon'izy ireo. Ho anao izay te handalina izany dia vakio ny boky mitondra ny lohateny hoe : *The Five Gospels: The Search for the Authentic Words of Jesus* (1993) Polebridge Press (Macmillan). Toy izao no vokatr'izany fikarohana nataona manam-pahaizana maro nandritra ny 6 taona izany. Ny 20% n'ny teny nataon'i Jesoa dia mitsipika mena sy mavokely, ary maro tamin'ireo aza dia tao amin'ny Filazantsaran'i Tomasy avokoa. Izany hoe ny 20% n'ireo teny nolazain'i Jesoa ihany no teny noteneniny. Izany hoe 15 ihany no tena teny notenenin'i Jesoa ao amin'ny Filazantsara. Ny 80% n'ny tenin'i Jesoa ao amin'ny Filazantsara dia tsy noteneniny fa noforonin'ireo mpanoratra ny Filazantsara fotsiny. Karazana fifidianana na « vote » ankolaka no natao. Ohatra vitsy amin'ireo teny nolazain-dry zareo fa tena notenenin'i Jesoa : ***« Fa Izaho kosa milaza aminareo hœ: Aza manohitra izay manisy ratsy anareo; fa na zovy na zovy no mamely tahamaina ny takolakao ankavanana, atolory azy koa ny anankiray. »*** (Matio 5:39 ; Lioka 6,29). ***« Ary Jesosy dia nanopy ny masony tamin'ny mpianany ka nanao hœ: Sambatra ianareo malahelo, fa anareo ny fanjakan'Andriamanitra. »*** (Lioka 6:20). Ilay Samaritana tsara fanahy (Lioka 10,30-35). Ilay mpitantana ratsy fanahy (Lioka 16,1-8a). Ireo mpiasan'ny tanim-boaloboka (Matio 20,1-15). ***« Hoy izy taminy: An'i Kaisara. Dia hoy Jesosy taminy: Aloavy ho an'i Kaisara ary izay an'i Kaisara, ary ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra. »*** (Matio 22:21 ; Marka 12,17 ; Lioka 20,25 ; Tomasy 100,2). Mikasika ny tenin'i Jesoa hoe : ***« Koa amin'izany na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany; fa izany no lalàna sy mpaminany. »*** (Matio 7:12), dia hoy ry zareo ao amin'ny Jesus Seminar, tsy izany no tena nolazain'i Jesoa fa izao : ***« Ataovy amin'ny olona izay tiany hatao aminy*** » (« Traitez les gens dans la façon dont ils veulent être traités », au lieu de «Traitez les gens de façons que vous voulez qu'ils vous traitent ») Ny fikarohana nataon-dry zareo, niainga tamin'ny « doute scientifique » dia namoaka fa tsy marina ny fitantaran'ireo mpanoratra ny Filazantsara 4 fa i Jesoa dia niteny hoe ho faty izy ary hitsangana amin'ny maty. Mandainga ireo mpanoratra ny Filazantsara fa mbola hiverina eny amin'ny rahon'ny lanitra i Jesoa.

Izany, ry havana, no vokatry ny fampidirana fisalasalana amin'ny teny izay nolazain'Andriamanitra. Tsy nijanona tany Edena fotsiny fa mandraka ankehitriny dia mbola fiadin'i Satana ny mampiditra fisalasalana ao an-dohan'ny olona ny amin'ny fahamarinan'ny teny nolazain'Andriamanitra. Ry vahokan'Andriamanitra ô, misoko mangina miezaka manapotika ny finoanao ny devoly, satria ny finoana dia avy amin'ny Tenin'Andriamanitra. Tonga saina ny amin'izany ve ianao ? Azo lazaina fa tratran'i Satana ny tanjona ny amin'ireto olon'ny Jesus Seminar ireto. Rehefa mandinika ny fikarohana ataon'ireto manam-pahaizana avy amin'ny Jesus Seminar ireto, ry havana, dia mitamberina ao an-tsaina ireo fomba namitahan'i Satana an'i Eva, fampidirana ny fisalasalana tsikelikely ny amin'izay nolazain'Andriamanitra ary farany dia nolazain'i Satana mihitsy hoe izao no marina fa tsy izany lazain'Andriamanitra izany. Isika mino, ry havana, fa tsy ny mpanoratra ny Filazantsara no te hanoratra izay tiany hosoratany, fa tao ny tsindrimandry avy amin'ny Fanahy Masina araka ny Soratra Masina manao hoe : ***« Izay soratra rehetra nomen'ny***

***tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, » (2 Timoty 3:16***). Raha mpandainga ny mpanoratra ny Filazantsara, dia mpandainga izany ny Fanahy Masina izay niasa tao amin'izy ireny. Ary izay no tanjona tian'i Satana hahatongavana : mpandainga Andriamanitra, tsy marina izay lazainy. Noho izany aza mino Azy intsony fa izaho Satana inoana fa izaho no tena milaza ny marina. Izany no mahatonga ny ankamaroan'ny olona tsy mivavaka intsony, tsy mino an'Andriamanitra, tsy mino ny fahamarinan'izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra.

Ary amintsika kristiana izao koa aza, ry havana, firy no tena mino 100% izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra ? Firy, ohatra, ny mino izay voalazan'Andriamanitra ao amin'ny Malakia 3 ***« Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao tœtra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy hovohako ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo. » (Malakia 3:10)***. Andriamanitra no niteny izany tamin'ny alalan'i Malakia. Tena hovohan'Andriamanitra ho ahy tokoa ve ny varavaran'ny lanitra raha manome ny ampahafolon'ny harena nomen'ny Tompo ahy aho ? Misalasala. Tena ampidinan'Andriamanitra fitahiana manana amby ampy tokoa ve ny tokantranoko raha manolotra ny ampahafolon'ny harena nomeny ahy aho ? Misalasala. Sao dia mba tsy marina izany ka ny volako fotsiny no very any am-piangonana any. Atsofoky ny devoly ao an-tsaina ao ny fisalasalana ny amin'ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra. Hoy i Satana hoe aza mino izay nolazain'Andriamanitra any amin'ny Testamenta Taloha izany intsony. Ianao anie izao efa ato amin'ny Testamenta vaovao e ! Tsy marina izany nolazain'Andriamanitra izany. Izy efa manana ny harena rehetra io indray ve no mbola omenao, Centimes dia ampy azy ! Ohatra maro be, ry havana, no azo raisina ny amin'ny fisalasalan'ny kristiana ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra ka mahatonga azy tsy manatanteraka izany.

Eto am-pamaranana, dia izao no hafatra, « mandady ny trambo » hoy isika malagasy. Misoko mangina tsy re-tsaika ny asan'ilay ratsy. Fa izay tratrany dia mandraingiraingy. Hoy ny Soratra Masina : ***« Mahonòna tena, miambena: fa ny devoly fahavalonareo mandehandeha tahaka ny liona mierona mitady izay harapany; » (1 Petera 5:8)*** Mila miambina isan'andro isika, ary mila manana fitaovam-piadiana ho entina manohitra ilay mpanjakan'izao fahamaizinana izao. Ho antsika izay te handresy dia izao no torohevitra omen'ny Tenin'Andriamanitra : ***« Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin'ny fanangolen'ny devoly. Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra. Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian'Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin'ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra ianareo. Mifahara ary, ka sikino fahamarinana ny valahanareo, ary mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra, ary kiraroy ny fahavononam-panahy avy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana ny tongotrareo; ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipìka mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy. Ary raiso ny famonjena ho fiarovan-doha sy ny tenin'Andriamanitra ho sabatry ny Fanahy; ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra, » (Efesiana 6:11-18).***

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.

RANDRIAMANANTSOA Zozo Mpitandrina
FPMA Nice
Alarobia 29 Aprily, 2015